SATA MIFEHY NY FIKAMBANANA

LOHA-TENY I

TANJONA -FAHARETANA-FOIBE TOERANA-IRAKA

And.1 : Nitsangana teto amin'ny :

Fokontany : Nanisana
Kaominina : Antananarivo Renivohitra
Distrika : Antananarivo Renivohitra, boriborin-tany fahadimy
Faritra : Analamanga
Faritany : Antananarivo

Ny fikambanana mitondra ny anarana hoe : **TRANOBEN'NY TANTSAHA MPAMOKATRA**, afohezina hoe **TTM**.

And.2 : Tanjona

Ny fikambanana **TTM** dia manana ireo tanjona ireto :

- Fanatsarana ny farim-piainan'ny Tantsaha
- Fampiroboroboana ny famokarana sy fanamafisana ny fikambanana Tantsaha misy eny anivon'ny tontolo ambanivohitra.

And.3 : Faharetana

Ny fikambanana **TTM** dia fehezin'ny Didi-hitsivolana laharana faha 60-**133 tamin'ny 03 Oktobra 1960.** Tsy voafetra ny faharetany, tsy manana firehana amin'ny antoko politika ary tsy mandàla antokom-pinoana.

And.4 : Foibe toerana

Eto Antananarivo Renivohitr'i Madagasikara, Nanisana, Bâtiment Ex-Micro hydraulique no foibe toerana misy ny fikambanana **TTM**, ary azo afindra amin'ny toerana izay tapaky ny fivoriam-be.

And. 5 : Iraka

Ny **TTM** dia :

- Rafitra misolo-tena ny Tantsaha amin'ny sehatra rehetra ilàna izany
- Rafitra matianina fakan-kevitra eo anatrehan'ny Fanjakana mikasika ny pôlitika sy paik'ady manodidina ny famokarana (Fambolena, Fiompiana, Jono, Fanajana ny tontolo iainana)
- Rafitra fiadian-kevitra miaraka amin'ireo mpisehatra matianina eto an-toerana sy ny any ivelany mikasika ny fampandrosoana ny Tontolo Ambanivohitra.
- Rafitra manolo-kevitra mikasika ireo fanontaniana sy olana manodidina ny Tontolo ambanivohitra (Fambolena, Fiompiana, Jono, Fanajana ny tontolo iainana)
- Rafitra mitady ny tsena sy mandinika mikasika ny fomba fivezivezena anatiny sy ivelany ireo vokatra ara-pamokarana
- Rafitra manomana ny fandraisana anjara amin'ny Tsenabe na Foara sy ny fampirantiana ary ny hetsika ara-toekarena eto an-toerana na any ivelany.
- Rafitra manome hevitra mikasika ny fiarovana ireo vokatra eto an-toerana sy ny fifanarahana ara-barotra amin'ny fanondranana vokatra any ivelany.
- Rafitra mandray anjara amin'ny fanangonana ireo tahirin-kevitra sy vaovao mikasika ny famokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary manaparitaka izany.
- Rafitra mandray anjara @ fiainan'ny tetikasa eny @ faritra.

LOHA-TENY II

FIDIRANA, FIALANA, FANESORANA MPIKAMBANA

And.6 : Fidirana

- Ny olona rehetra feno 18 taona no mihoatra, lahy sy vavy ary manaiky hanaraka ity sata fototra ity ary misehatra amin'ny famokarana (Fambolena, fiompiana, Jono, Fanajana ny tontolo iainana) izay voamarina sy eken'ny manam-pahefana mahefa ny maha tena tantsaha mpamokatra azy, dia afaka miditra ho mpikambana.

- Ireo mpikambana rehetra atolotry ny vondron'ny mpamokatra matianina izay mandraharaha amin'ny seham-pamokarana na atolotry ny fikambanan'ny Tantsaha na Fikambanamben'ny fikambanan'ny Tantsaha na federasiona na Rafitra mpamokatra na kôperativa dia afaka miditra ho mpikambana.

And.7 : Ny antony mety ahavery ny zo maha-mpikambana dia amin'ny alàlan'ny :

- Ny fametraham-pialàna
- Ny fanàlana izay nankatoavin'ny Fivoriam-be ilay mpikambana araka ny soso-kevitra naroson'ny birao nohon'ny tsy fanarahan'ilay mpikambana ny fitsipika mifehy ny fikambanana.

LOHA-TENY III
FANDAMINANA, RAFIM-PITANTANANA, FOMBA FIASA

And. 8 : Ny rafitry ny fikambanana dia ahitana :

- Ny fivoriam-be
- Ny Filan-kevim-pitantanana (Conseil d'Administration)

And. 9 : Ny fivoriam-be

Ny fivoriam-be no rafitra ambony indrindra mpanapa-kevitra eo anivon'ny fikambanana. Izy no mandrafitra ireo fandaharan'asa rehetra eo anivon'ny fikambanana.

And.10 : Ny fivoriam-be dia mivory fara-fahakeliny indray mandeha isan-taona izay ny filoha no mampiantso azy na ny iray ampaha-telon'ny mpikambana.

And.10 Bis : Azo atao ny mampiantso fivoriana tsy ara-potoana raha misy ilàna azy.

And. 11 : Ny fivoriam-be dia tarihin'ny filohan'ny fikambanana.
Raha misy tsy fahafahany, dia ny iray amin'ny filoha lefitra no manatanteraka izany.
Raha samy tsy misy afaka na ny filoha na ireo filoha lefitra, dia izay zokiolona ara-taona indrindra eo anivon'ny filankevim-pitantanana no mitarika ny fivoriana.

And. 12 : Tahaka izany koa mandritra ny fanombohana ny fivoriam-be izay hanaovana ny fifidianana ny mpikambana ao amin'ny filankevim-pitantanana, dia ny zokiolona ara-taona tonga amin'ny fivoriana no mitarika ny fivoriana ary ny fitananana an-tsoratra dia sahanin'ny izay mpikambana kely taona indrindra mandra-pijoron'ny filankevim-pitantanana.

- Ny fivoriam-be dia tsy azo tanterahana na inona endriny na inona alohan'ny faha enina ambininfolo andro nandefasana ny taratasy fiantsoana.
- Ny fivoriam-be dia tanterahana ao amin'ny foibe toerana misy ny **TTM** na amin'ny toerana hafa araka ny tapaky ny filankevim-pitantanana
- Mandritra ny fivoriana dia hisy ny fandraisana ny anaran'ireo izay tonga nivory (misy ny anarana, fanampiny, ny adiresy misy azy) izay soniavin-tsirairay tonga nivory. Io taratasy fanamarinana ny fahatongavana io dia apetraka any amin'ny foibe toeran'ny **TTM** ary tsy maintsy ampahafantarina ireo rehetra izay mety mila izany.
- Ny fivoriam-be dia azo tanterahana rehefa mahafeno ny antsasa_manilan'ny mpikambana

And. 13 : Ny fandaharam-potoana amin'ny fivoriam-be dia tapahan'ny filan-kevim-pitantanana raha toa ka izy ireo no handefa ny fiantsoana. Ireo fandaharam-potoana amin'ny fivoriam-be dia alefa miaraka amin'ny fiantsoana fivoriana.

And. 14 : Ny fivoriam-be dia tsy afaka mandray fanapahan-kevitra raha tsy ny antsasa-manilan'ny mpikambana no tonga manatrika ny fivoriana. Raha tsy tratra ny fetran'isa (Quorum) amin'ny fivoriana voalohany dia alefa ny fiantsoana faharoa ka izay mpikambana tonga amin'io fivoriana na firy na firy isany dia afaka mandray fanapahan-kevitra avy hatrany. Izay tapaky ny maro an'isa eo dia raisina avy hatrany ho fanapahan-kevitry ny fivoriam-be. Ny lahadinika tokony ho dinihana tamin'ny fiantsoana voalohany ihany no dinihana sy andraisana fanapahan-kevitra amin'io fiantsoana faharoa io.

And. 15 : Raha fifidianana olona no tanterahana dia atao latsa-bato miafina izany fa raha fandraisana fanapahan-kevitra kosa dia azo atao latsa-bato miafina na tsangan-tanàna. Ny mpikambana tsirairay dia manana zo andatsa -bato .

And. 16 : Ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny fivoriam-be dia raiketina ao anaty fitanana an-tsoratra (PV) izay soniavin'ny Filoha sy ny mpitan-tsoratry ny fivoriana

Art 17 : Ny fivoriam-be tsy ara-potoana dia azo tanterahana rehefa misy ny anton-javatra ilàna izany.

And. 18 : Ny birao

Toy izao no mandrafitra ny filankevim-pitantanana :

- Ny filoha (01)
- Filoha lefitra (02)
- Mpitan-tsoratra (02)
- Mpitam-bola (01)
- Mpanolo-tsaina (09)

Ary mpanamarim-bola sy ny fitantanana (02) izay misahana ny fanaraha-maso ny fitantanam-bola.

Art 19 : Akoatran'ny rafitra mpanara-maso ny fitantanam-bola (Mpanamarim-bola 02) izay voafaritry ny saha ny fivoriam-be dia afaka manendry olona iray na maromaro hanatanteraka ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolan'ny fikambanana, ka izy no mametra ny fomba fiasan'izy ireo araka ny voarakitra ao anaty fitsipika mifehy anaty (Règlement intérieur)

And. 20 : Ny filankevim-pitantanana no mitantana ny fikambanana araka ny fanapahan-kevitra nataon'ny fivoriam-be

And. 21 : Ny mpikambana ao anaty filankevim-pitantanana izay miasa antsitra-po dia fidiana isaky ny 4 taona ka latsa-bato miafina no hanaovana izany. Azo fidiana indroa ny mpikambana ao anaty birao. Raha mitovy ny vato azo dia izay zokiny indrindra no lany.

And. 22 : Ny filoha

22-1. Ny filohan'ny filankevim-pitantanana no misolo-tena ny fikambanana eo anatrehan'ny ambaratongam- pahefana rehetra na eo anivon'ny nasionaly na iraisam-pirenena amin'ny fotoana mety ilàna izany.

22-2. Ny filoha no manana andraikitra amin'ny famoahan-bolan'ny fikambanana dia tsy maintsy manao tatitra mikasika ny fitantanana ny fikambanana eo anatrehan'ny fivoriam-be izy.

22-3 Ny andraikitry ny Filoha

- Miantso sy mitarika ary mandrindra ny filankevi-pitantanana sy ny Fivoriambe
- Manaraka ny fanatanterahana ny fanapahan-keviry ny Fivoriambe
- Manaraka ny fampiharana ny tolokevitra atolotry ny filankevi-pitantanana
- Misolotena ny fikambanana eo anatrehan'ny Fitsarana sy ny fanjakana
- Misolotena ny fikambanana anatrehan'ny fikambanana hafa sy mpifarimbona
- Miara-manao sonia amin'ny Mpitahiry vola amin'ny taratasim-bola amin'ny banky amin'ny anaran'ny TTM
- Mandrafitra ireo tatitrasa sy tatitra ara-bola mifanaraka amin'ny asany sy mandrindra ny andraikiny
- Manome fahefana ampahany an-tsoratra ho an'ny filan-kevim-pitantanana hafa.

22-4 Ny andraikitry ny Filoha lefitra voalohany

- Misolo tena ny Filoha raha misy tsy fahafahany
- Mamolavola sy mandrindra ny lohahevitra iainan'ny TTM
- Mamolavola sy mandrindra ny fampandrosoana ny Faritra TTM
- Mandrafitra ny tatitrasa sy tatitra ara-bola mifanaraka amin'ny andraikiny.
- Manampy ny Filoha amin'ny asan'ny TTM

22-5 Ny andraikitry ny Ny Filoha lefitra faharoa

- Mandinika sy mamolavola ary mampihatra ny fampandrosoana sy fizakantena ary ny fananam-bolan'ny TTM
- Mamolavola sy mandrindra ireo tetikasa mahasoa ny TTM
- Misolotena ny Filoha amin'ny tsy maha eo azy sy rehefa nomena fahefana
- Mandrafitra ny tatitrasa sy tatitra ara-bola mifanaraka amin'ny andraikiny.
- Manampy ny Filoha amin'ny asan'ny TTM

22-6 Ny andraikitry ny Mpitan-tsoratra

- Mitantsoratra ny fivorian'ny filan-kevim-pitantanana sy ny Fivoriambe
- Miaramanao sonia amin'ny Mpitahiry vola na ny Filoha amin'ny taratasim-bola amin'ny banky amin'ny anaran'ny TTM
- Mitahiry ny tahirin-kevitry ny fikambanana
- Mandrafitra ny tatitrasa sy tatitra ara-bola mifanaraka amin'ny andraikiny
- Miantoka ny fifandraisana sy serasera amin'ny mpiombonantoka eto an-toerana sy iraisampirenena.
- Miantoka ny tahirin-kevitra fitantanana ny fikambanana

22-7 Ny andraikitry ny Ny mpitahiry vola

- Mitazona ny fitantanam-boaln'ny fikambanana
- Miara-manao sonia amin'ny Filoha amin'ny taratasim-bola amin'ny banky amin'ny anaran'ny TTM
- Mandrafitra ny tatitrasa sy tatitra ara-bola mifanaraka amin'ny andraikiny
- Manampy ny fikambanana amin'ny fikarohana loharanom-bola

22-8 Ny andraikitry ny Ny Mpanolotsaina

- Manampy ny mpikambana hafa amin'ny fanatanterahana ny andraikiny
- Mandray fahefana avy amin'ny Filoha amin'ny fisoloantena rehefa misy tsy afaka manao izany ny mpikambana hafa
- Manolokevitra ny mpikambana hafa ao amin'ny filakevim-pitantanana.

And. 23 : Ny filan-kevim-pitantanana

23-1. Ny mpikambana ao amin'ny filan-kevim-pitantanana dia nofidian'ny fivoriam-be
23-2. Ny filan-kevim-pitantanana no mamaritra ny fomba hanatanterahana ny fanapahan-kevitra avy amin'ny fivoriam-be
23-3. Ny filan-kevim-pitantanana dia manatanteraka ny fanapahan-kevitry ny fivoriam-be sy mampanaja ny satan'ny TTM.
23-4. Ny fotoam-piasan'ny Filohan'ny filan-kevim-pitantanana dia voafetra ho 4 taona ary azo havaozina indroa (mitondra indroa mifanesy)

23-7. Ny mpikambana ao @ filankevim-pitantanana dia azon'ny fivoriam-be hampitandremana na ahato amin'ny fotoana rehetra nohon'ny fahadisoany nataony.
23-8. Noho ny fahabangana raha misy fahafatesana na fialàna na antony hafa mahakasika ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, dia azon'ny filankevim-pitantanana ny fanoloana azy. Io fanoloana io dia tanterahana ao anatin'ny iray volana nahafatesana na fialàn'ny mpikambana iray na maromaro raha latsaky ny enina ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra. Ireo mpikambana mpisolo toerana dia mandray fahefana sy andraikitra feno ao anatin'ny fe-potoana tokony iasan'ilay mpikambana nosoloina. Raha mbola tsy vita ny fanendrena ireo mpikambana mpisolo-toerana tsy maharitra nataon'ny fivoriam-be dia mbola tsy ara-dalàna ireo andraikitra raisina na asa ataony alohan'ny fanatontosana fivoriam-be.
23-9. Ny filan-kevim-pitantanana dia mivory isaky ny roa volana (fara-fahakeliny) araka ny fampiantsoana nataon'ny filoha na ny antsasaky ny mpikambana rehefa misy ilàna izany eo anivon'ny TTM.
23-10. Ny toerana fivoriana dia tanterahana eo anivon'ny foibe toerana na toerana hafa voalaza ao anatin'ny taratasy fiantsoana.
23-11. Ny fanapahan-kevitra notapahan'ny filankevim-pitantanana dia tsy maintsy raiketina ao anaty tatitra (PV) izay soniavin'ny filoha mpitarika fivoriana sy ny mpitantsoratra
23-12 : Ny filan-kevim-pitantanana dia manana ireto fahefana ireto :

- mametra ny fandaniana ny vola ho an'ny fitantanana ankapobeny
- manolo vonjimaika ireo mpikambana niala na tsy eo intsony.
- mandray, na manakalo ireo fananana na fitaovana ilainy amin'ny asa tanterahaniny izay efa neken'ny fivoriam-be
- manao fifanarahana amin'ny findramam-bola samihafa araka izay filàna manaraka izay fanapahan-kevitra avy amin'ny fivoriam-be.
- mampiantso ny fivoriam-be ary mametra ny fandaharam-potoana
- manatanteraka ireo fanapahan-kevitra rehetra noraisin'ny fivoriam-be izay mifanaraka ny andraikiny nomena azy.

And. 24 : Fampandehanana ny rantsa-mangaika :
24-1. Ny rafitra ao anaty TTM dia ireto avy :

- Ny rantsana eny anivon'ny faritra (TTMR)
- Ny rantsana eny anivon'ny Distrika (TTMD)
- Ny rantsana eny anivon'ny kaominina (TTMK)

24-2. Ireo rafitra eo anivon'ny rantsana:

- Ny fivoriam-be
- Ny filankevim-pitantanana

24-3. Andraikiny :

- Ny rantsana eny anivon'ny faritra dia :
- miandraikitra ny fisolon-tena, fandraisana anjara amin'ny fandrafetana ny fandaharan'asa eny amin'ny faritra ary ny fifandraisana na serasera eny amin'ny rafitra samihafa
- Manao fanjohina ireo asa na tetikasan'ny TTM eny an-toerana
- Ny rantsana eny amin'ny distrika dia :
  - manana andraikitra amin'ny fandrindrana ny rantsana eny anivon'ny rantsana Kaominaly
  - Manao fanjohina ireo asa na tetikasan'ny TTM eny an-toerana

- Ny rantsana kaominaly dia manana andraikitra amin'ny fanaraha-maso amin'ny fanatanterahana ny tolo-draharaha eny ifotony (fandaminana ny fampandrosoana eny ifotony, tetik'asa eny ifotony, serasera sy fampiofanana…)

LOHA-TENY IV
FITANTANAM-BOLA

And. 25 : Ireto avy ny loharanom-bola azon'ny fikambanana ampidirina araka ny voalazan'ny lalàna velona :

- Fandraisana anjara avy amin'ny mpikambana : Ny saram-pidirana, ny latsan-kemboka isan-taona, na hafa
- Fihetsiketsehana samihafa
- Fanampiana mety omen'ny fanjakana na fikambanana tsy miankina (eo an-toerana na avy any ivelany)
- Fanampiana omen'ny malala-tanàna
- Vokatra amidy avy amin'ny asan'ny fikambanana
- Fangàlana ireo tamberim-bidy avy amin'ny vokatra ara-pamokarana
- Famarotana ny fananan'ny fikambanana izay tapaky ny fivoriambe

LOHA-TENY V
FITANTANAM-BOLA

And. 26 : Ny volan'ny fikambanana dia tsy maintsy apetraka amin'ny Banky, ny kaonty fikirakira dia sokafana amin'ny anaran'ny Fikambanana

26-1. Voafetra ny vola azon'ny mpitambola tazonina andoavana ireo fandaniana samihafa eo anivon'ny fikambanana.

26-2. Ny fitsipika anatiny no mametra ny habetsaky ny vola apetraka ao amin'ny fitahirizam-bola antratra mba ialàna amin'ny famoahana vola matetika eny anivon'ny Banky.

And. 27 : Ny mpitahiry vola dia tsy maintsy mitazona sy mampiasa bokim-bola (misy ny vola miditra sy mivoaka) ary bokim-pitantanana ny fitaovan'ny fikambanana izay voamarina ary vita rango-pohy tsy misy diso na mitakosina (côté et paraphé sans rature ni surcharge)

And. 28 : Ny taratasy fanamarinana ny vola nivoaka na fitaovana nivoaka dia tsy maintsy voasonian'ny mpitahiry vola ary eken'ny Filoha na iray amin'ny Filoha lefitra. Tahaka izany koa ny famoahana « Chèque bancaires »

And. 29 : Ny bokim-bola sy bokim-pitantanana (Les livres et registres de comptabilité) dia tsy maintsy faranana ny 31 desambra amin'ny taona izay diavina.

LOHA-HEVITRA VI
FANOVANA RAFITRA SY FANDRAVANA NY FIKAMBANANA

And. 30 : Tsy azo atao ny manova sata, na mandrava ny fikambanana raha tsy mandritra ny fivoriambe tsy ara-potoana ihany, ary manaraka izao fepetra izao :

Fetrisa : Roa ampaha-telon'ny mpikambana amin'ny fivoriambe no tonga manatrika sy mandany izany

And. 31 : Aorian'ny faharavan'ny fikambanana dia atolotra ny vovonam-pikambanana nasionaly mpikambana

And. 32 : Foana avokoa izay fepetra sy ny lamina napetraka rehetra mifanohitra amin'ity sata ity.

Ny Mpitandrina ny fivoriana

RANDRIANAIVO Philibert Zakaria

Ny mpitan-tsoratra

RANDRIANARIVELO jules